



Sampana Iraisana  
Sekoly Alahady



Siège national  
47 rue de Clichy  
753119 Paris Cedex 09  
Tél. 01 45 96 03 05

**« fa mitomboana amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. ».** 2 Petera 3 : 18a

**« Mais grandissez dans la grâce et dans la connaissance de notre Seigneur et Sauveur Jésus-Christ. »** 2 Pierre 3 :18 Louis Second 21

Rieux, 07 mey 2019

*Ho an'ny Birao Foibe,  
Ho an'ny Mpitandrina rehetra eto amin'ny FPMA,  
Ho an'ny Sampana Sekoly Alahady rehetra eto amin'ny FPMA,  
Ho an'ny vahoakan'ny FPMA manontolo,  
Ho an'ny ray amandreny rehetra,  
Ho an'ny Sampana Sekoly Alahady Faritany Atsimo Andrefana,  
Ho an'ny Faritany Atsimo Andrefana,  
Ho an'ny tafo Toulouse, Bordeaux, Clermont-Ferrand, Montpellier, La Réunion*

*Ho ampitomboina mandrakariva aminareo anie ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompontsika,*

*Misaotra an'Andriamanitra isika fa tanteraka soamantsara ny Zaikabe Sekoly Alahady natao teny amin'ny Institut Saint Christophe, Maseube, tamin'ny 26-27-28 aprily 2019 lasa teo.*

*Maro isika no niara-niasa tamin'ny fikarakarana izany Zaikabe izany ka dia maneho etoana ny fisaorana mitafotafo sy fankasitrahana ho an'ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanantontosana izany. Misaotra anareo mpizaika rehetra, na ny lehibe na ny ankizy.*

**« Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina ».** Rom 15 :13

*Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay.*

*Amin'ny anaran'ny birao Sekoly Alahady nasionaly  
Ny mpitandrina mpiahy Emilienne RASEHENOARIMANANA*